Tontolo iainana

# Nanatanteraka fambolen-kazo ny fikambanana ADES Toliara

Fototra zana-kazo misa 20 no nambolena teo amin'ny tokontanin'ny sekoly Sacre coeur Fokontany Mahavatsy Toliara I nataon'ireo mpianatra sy ny tompon'andraikitrin'ny sekoly niaraka tamin'ny fikambanana A.D.E.S Toliary (Association Developpement Energie Solaire) izay notanterahina ny zoma lasa teo. Ny fampianarana ny ankizy ireo fomba arahina amin'ny fambolena sy hikolokoloina ny zana-kazo voanio sy Flamboyant ary ny zana-kazo les Terminalia no natao nandritra ny hetsika, manosika ny ankizy ho tia sy hiaro ny zava-boary ny fahafantaran'izy ireo ny fomba fandraisana an-tanana ny fikojakojana zavamaniry tahaka izao hoy Ramatoa Ranarivo Hajaniaina tompon andraikitra fandaharan asa sekoly ao amin'ny A.D.E.S. Ny fahavononan'ny sekoly amin'ny fampaniriana ireto zana-kazo ireto no tena zava-dehibe amin'ity tetik'asa ity hoy ihany ny tompon andraikitra nisahana ny fanabeazana ao amin'ny A.D.E.S. Marihina fa sekoly 2 no efa nanatanterahana ity hetsika fambolen-kazo ity voalohany ny sekoly EMMA (Ecole Mane Moreau Ankaiika) ny 8 Martsa 2016 lasa teo ny faharoa ny sekoly AMIKA (Andry Miahy ny Kamboly) izay notanterahina ny 15 Aprily 2016 lasa teo, tetik'asa fambolen-kazo izay ao anatin'ny fandaharan asa ho an'ny sekoly sy fanabeazana izay tanterahin'ny fikambanana A.D.E.S ho fampianarana ny tontolo iainana. Ny famokarana fatana antsoina hoe Foyers Ameliores, ny fatana tafaoro avy amin'ny masoandro ny fatana Parabole solaire no nahafantarana ity fikambanana ity hoy Ramatoa Marthaler-Marty Tale nasionaly A.D.E.S, ny ady amin'ny fandripahana ny ala eto Madagasikara no ijoroan'ity fikambanana ity hoy ihany ny Tompon'andraikitra ary ny hampihena 50 % amin'ny fandaniana hazo sy ny arina no tanjona amin izao tetik'asa izao.

*Franck Razakambelo*



*Ramatoa Marthaler-Marty Tale nasionaly A.D.E.S nisantatra ny fambolen-kazo tetsy amin'ny College Sacre Coeur Fokontany Mahavatsy Toliara I.*

# Die Aufforstung von ADES mit den Schülern

20 Bäume wurden von dem ADES Team, die Schüler mit dem Direktor der Schule Sacre Cœur Mahavatsy Tuléar letzten Freitag gepflanzt. Die Aufforstung von Kokospalme, der Flamboyant und das Terminalia wurden zu dieser Zeit gepflanzt. Diese Aktion sensibilisiert den Schülern für die Umweltschutz sagte die Verantwortlich von Schulprojekt, Frau Ranaivo Hajanirina, damit werden die Schüler Umweltfreundlich sein. Zwei Schulen haben schon eine Aufforstung mit ADES Team gemacht. Die erste Schule war EMMA (Ecole Marie Moreau Ankalika) vom 8. März 2016. Die zweite war AMIKA (Andry Miahy ny Kamboty) vom 15. April 2016. Das Aufforstungsprojekt gehört zur Umweltbildung von ADES für die Schüler. Die ADES ist für die Herstellung von Solarkocher, die Energiesparöfen, der Parabolsolarkocher sehr bekannt sagte die nationale Direktorin von ADES, Frau Isabelle MARTHALER-MARTY. Der Kampf gegen die Abholzung in Madagaskar und die Reduktion bis 50% vom holzverbrauch ist das Hauptziel zu diesem Projekt.